

# NY VALOSOAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro  
(Talata - Alahamisy - Sabotsy)

VAOVAO

Talata 2 Jolay 2019

Laharana 926

Vidiny : 400 Ar

Jehovah, Madagasikara 5  
30 jona 2019, hafatra  
manokana laharana 49

[www.gvalosoa.com](http://www.gvalosoa.com)

[gvalosoa@yahoo.com](mailto:gvalosoa@yahoo.com)

facebook : gazety valosoa rakoto

Can 2019, tsy nampino ny zavabitan'ny Barea 6

Andry Rajoelina 2

## Ireo fandaharan- dalao amin'ny 1/8-dalana

## Mijapy izay azo jariana rehetra



**FILOHA RAVALOMANANA 2**

### Miombom-po amin'ny Barea'n'i Madagasikara



**Distrikan'Ifanadiana 2**

### Tsy manaiky ny hala-bato tamin'ny fifidianana

**GTT La Réunion 5**

### An'ny Malagasy ireo Iles Eparses ary tokony hijanona ho azy

**Boriboritany faha-4 (CUA) 6**

### Ankizy miisa 80 no vita hasoavana faobe maimaimpoana



**Daka kely**

Ny zavabitan-dRajao ihany kay no mba  
hizesitiavan'ialahy ry Boaikely a !

**Miandrarivo Ambanidia 4**

### Tratra ny mpangalatra ranon'ny Jirama



FILOHA RAVALOMANANA

Miombom-po amin'ny Barea'i Madagasikara

Manaraka ny raha-raham-pirenena hatrany ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana. Tsy ny lafiny politika, sy sosialy ary toekarena eto amin'ny firenena ihany no arahany mpanao politika ity akaiky, fa manaraka koa izy ny resaka fanatanjantana dia ny fandraisan'anjaran'ny ekipam-pirenena Malagasy, ny Barea'i Madagasikara amin'ny dingana famaranan'ny CAN 2019, izay atao any Egipta amin'izao fotoana. Noho ny fandraisana miezinezina azon'ireo mpilalao baolina kitra Malagasy, eo ambanany fitarihan'ny mpanazatra Nicolas Dupuis, nanambara i Dada



Ny Filoha Marc Ravalomanana, nanaraka ny lalao'ny Barea, teny amin'ny trano fonenany teny Faravohitra.

fa: " faly aho, tena faly, fa nandresy ny Barea... Tohizo fa manohana ny Malagasy rehetra", hoy izy. Arak'izany dia miombom-po amin'ny Barea sy ny Malagasy rehetra izy, ny "Alefa Barea" rahateo dia avy amin'ny

hoy: "Alefa Dada", no namoronana azy rah any tena marina. Momba ireto ekipam-pirenena Malagasy ireto, efa namampy sy niatrika ny lalao nataon'izy ireo ny Filoha Marc Ravalomanana teny Vontovorona,

nandritra ny fifanintanana tamin'ny fihanonantsika Malagasy tamin'i Soudan tamin'izay fotoana izay. Araka ny fantatra dia manohana ihany koa izy an-dry Faneva lma sy ny tariny amin'izao dingan'ny famaranan'ny CAN 2019 any Egipta izao. Miresaka ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny TIM ihany, efa miomankomana amin'ny fiatrehana ny fifidianana ben'ny tanana, sy ny fifidianana mpanolotsainan'ny kaominina, izay ho tanterahana ny 28 oktobra ho avy izao ihany koa izy ireo, na teo aza ireny hala-bato sy tsy fahatombanana samy hafa nandritra ny fifidianana depiote farany teo ireny.

Isambilo

Louis Razafisambatra

Tetikasa miaro fampanantenana poakaty ny tetikasan-dRajoelina

Mitondra ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, i Louis Razafisambatra, izay Malagasy mpanaraka ny fiainam-pirenena monina any Frantsa. Mampalahelo fa ny Prezidàny ny repoblika izay mbola erotreronny dia tsy manao afa-tsy ny nataon'ny filoham-pirenena nifandimby teo aloha ihany. Hatramin'izao mbola tsy manana ahiaty ny nifidy azy satria mbola tsy nanomboka nampiseho porofo mivaingana izay miantaika any amin'ny famokarana ny Prezidà Rajoelina Andry. Hatreto dia ny fitokanana sy fanohizana ireo zava-bita natomboky ny filoha teo aloha no ataony. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia tsy manome vahaolana hafa hialana



Louis Razafisambatra, mpampianatra mpikaroka Malagasy any Frantsa.

amin'ny findramam-bola mba hihorana ny nataon'ireo mpitondra taorian'ny 2002 izy, hoy Louis Razafisambatra, mpampianatra mpikaroka ao amin'ny Univer-site Sorbonne Paris. Manomboka miha-lefy ny fanantenana amin'ny fivoaran'ny politikam-panjakana hamokatra, hialana, hanjifa, hifanakalo. Mandeha tsy misy fivoa-

rany, ka te hampiseho fa mandray anjara amin'ny fampanantenana ara-toekarena, sosialy, maha olona ny "Programme Emergence" nalaza tamin'ny fampielezan-kevitra tamin'ny fifidianana filohampirenena 2018. Hany ka lasa mitady vonjy amin'ny tahirimbola iraisam-pirenena (FMI) sy ny banky iraisam-pirenena mba ha-

matsy vola ireo tetikasa miaro fampanantenana poakaty. Raha jerena amin'ny fomba tsotra dia tsy mitombina fa ny Prezidà sy ny ekipany dia hampiasa ny vola amin'ny fomba mahitsy. Tsy azo adinoina ny fomba fiteny hoe: « si l'argent est un bon serviteur, il est un mauvais maître ». Hatramin'izao dia mbola tsy manazava akory ny tanjona mampifamatotra amin'ny vahoaka sy ireo mpisehatra ara-politika sy toekarena ny velirano ny Prezidàny ny repoblika. Ny zavatra handra-sana'ny vahoaka malagasy dia fandrosoana tsy mitanila, mifanaraka amin'ny filan'ny faritra, ny distrika, ny kaominina..., hoy ihany ity mpampianatra mpikaroka ity.

Helisoa

Mponin'ny distrikan'Ifanadiana

Tsy manaiky ny hala-bato sy ny teritery nisy tamin'ny fifidianana

Nihetsika ny mponina tany Ifanadiana faritra Vatovavy Fitovinany, ny faran'ny herinandro teo, noho ny olana nitranga tamin'ny fifidianana depiote tany an-toerana. Tsy manaiky ireo hala-bato sy ny teritery natao tamin'ireo mpiasam-panjakana sy ny fampiasana fitaovam-panjakana nampandianana ny kandidam-panjakana ny vahoaka any anivon'ny Distrikan'Ifanadiana. Na nikija aza ny orana dia nampiseho ny heviny ankalalahana izy ireo ary vonona ny hitolona hatramin'ny farany, tsy izahay mpitarika no nanga-



Ny hetsika tany Ifanadiana ny faran'ny herinandro teo.

taka fa ny vahoaka mi-hitsy no saro-piaro tamin'ny fifidianana izay

natao ny 27 mey lasa teo, hoy izy ireo. Mangataka ny vahoaka hamoa-

hana ny marina, ny filan'ny PCED sy ny fitarainana ny gaborarakatoy ny tsy fahatombanan'ny lisitry ny mpifidy ary ireo maro hafa koa... Vahoaka hendry ny vahoaka any ka mbola nana-ireo ambaraton-gam-pahefana misy any an-toerana ary noravaina am-pilaminana izany rehefa avy nitaraina sy nifampitafa tamin'ny Lehiben'ny Distrika sy ny Lehiben'ny Kaompanian'ny Zandary any Ifanadiana ary koa ny Kaomisera Central ireo mpanao fihetsiketsehana.

Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Andry Rajoelina

Mijapy izay azo japiana rehetra

Hita izao fa tena tsy mandeha amin'ny laoniny ny vitan'ny Filoha Andry Rajoelina IEM, n any marina tsy misy mihitsy, fa ny tetikasan'ny teo aloha ihany no japiany, tonga amin'ny fitenin-jatovo hoe: mijapy izay azo japiana rehetra Rajoelina. Ny vava asa natomboky ny filoha teo aloha Hery Rajoanarimampianina hatrany no tokanan'ny filoha Andry Rajoelina dia avy eo ambara fa izy ihany no nahavita teto amin'ity firenena ity, rehefa tsy vitan'ireo filoha nifandimby teo aloha, tahaka ny fomba fiteny mahazatra azy. Toa izany ny fotodrafit'asa tany amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy, tany Beloha Androy sy Tsihombe, noraisina ny faran'ny herinandro teo, fiaraha-miasa tamin'ny Japone. Efa ny filoha teo aloha no nanomboka izany ary izao vita izao, ny fanavaozana ny pipeline, na ilay fantsona lehibe itarihana rano any Androy sy An'osy. Hiampy ny any amin'ny faritra avarabarara any, araka ny feo mandeha izany fitokanana hataon'ny filohan'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina izany ato ho ato, satria tsy vitsy ireo zava-bita amin'ny tetikaasa PIC (Pôle Intégré de Croissance) any amin'ny faritr'i Diana any, miandry fitokanana koa. Na ny seranam-piaramanidina eny Ivato aza mbola ny teo aloha no nanomboka azy, sy ny maro tsy voatanisa. Aiza izany ilay Velirano sy ny Vina IEM natao tamin'ny vahoaka. Efa miainga sa mbola miandry famatsiana avy any ivelany. Ireharehana fa haingampandeha ny TGV fa toa tsy miainga, koa hatramin'izao ary mbola tavela eo amin'ny fiantsonana foana. Tsy misy maharatsy ny fitokanana fa ilay mipasoka ny efa malama no tsy mety. Barea Malaza ankehitriny fa ho any Egipte hanohana ny ekipam-pirenena Malagasy Barea ny filoha Andry Rajoelina. Tsara tohanana tokoa ny Barea fa heverina kosa fa mba any amin'ny dingana ambonimbony vao mihetsika ny filoham-pirenena. Sanatria tsy manao ambanin-javatra ny mahery fo isika, fa mbola lavitra ny dian'ny ekipa Barea ary ny raharaham-pirenena mbola miandry hovahany ny filoha. Raha ny fahitana azy dia efa mahazatra ny fitondram-panjakana ny mivoaka ivelan'ny firenena ary delegasiona mafonja no indray miaraka aminy. Ny vola lany amin'io tsy toko tsy forohana. Tsy aloe ve omena ny Barea ny lany rehetra amin'ireny? Tsy ny fitondrana amin'izao mihitsy ihany koa no fotot'izao fahombiazan'ny Barea izao, satria tamin'ny andron'ny filoha teo aloha no naka ny mpanazatra Nicolas Dupuis, ary ny vitan'ny teo aloha no tohizan'ny ao amin'ny ekipa ankehitriny. Dia mbola manamafy ihany izany, fa mijapy izay azo japiana hatrany Rajoelina.

Rajaonarimpanontsana

Lalànan'ny serasera

Manomboka ny fakan-kevitra mitety faritra

Manomboka amin'izao fotoana ny fakan-kevitra mitety faritra momba ny lalànan'ny serasera ham-piharina eto amintsika, ka hoezahan'ny tompon'andraikitra halefa hodinhana eny anivon'ny Parlemanta eto amintsika amin'ny fivoriana voalohany hatrehan'izy ireo amin'ity taona ity. Tante-rahina manomboka oman'ny alatsinainy ao amin'ny Lapan'ny Faritra Atsinanana Toamasina ny fakan-kevitra momba izay fanitsiana ny lalàna mifehy ny serasera izay, ho an'ny Faritra Atsinanana, Alaotra-Mangoro ary

Analanjirifo. Ny tanànan'Antsirabe kosa no hampiantrano ny fakan-kevitra ho an'ireo solontena avy any amin'ny Faritra Vakinankaratra, Analamanga, Itasy, Bongolava, Menabe ary Melaky ny alarobia 3 Jolay ho avy izao. Araka ny vaovao voaray dia efa misy volavolana lalànan'ny serasera tian'ny ministra tompon'andraikitra ketrehina sy havoaka, fa fombafomba fotsiny ihany izao fakan-kevitra atao any Toamasina, sy hatao any Antsirabe izao.

Isambilo

Ny Valosoa sy hadihady

Fandresen'ny Barea : mbola tsy tena hamoha ny fitiavan-tanindrazan'ny Malagasy

Nandresy tamin'ny isa roa noho iray ny ekipam-pirenena'i Nigéria ny Barea Madagasikara ny alahady teo. Nivoaka ny trano ny ankamaroan'ny mponina teto an-drenivohitra ary toa nivoaka ihany koa ny fiarakodia, ka dia raikitra ny « carnaval » saika nanerana ny tanàna. Tsy teto an-drenivohitra ihany fa saika tany amin'ny tanàndehibe rehetra manerana ny Nosy mihitsy. Vetivety foana koa dia efa niely tamin'ny tambazotran-tse-rasera rehetra tao anatin'ny fotoana fohy ny vokatra ary samy namoaka ny heviny ny mpiserasera tsirairay. Saika ny fandresen'ny Barea iny ihany koa no matoan-dahatsoraty ny gazety omaly. Sambany tokoa no nisy toe-javatra tahaka izao teo amin'ny sehatra fanatanjahantena. Zavatra nanaitra dia ny fihaverana fa "nanaitra ny hambom-pon'ny Malagasy" iny fandresena iny. Teo koa ny politisiana sady mpandraharaha nangataka ny nanaovana ny andro omaly alatsinainy ho andro tsy fiasana nefa nadraisan-karama satria nampiverina ny firaisankina sy ny fiaraha-mientan'ny Malagasy, hono, iny fandresen'ny Barea iny. Misy mihitsy ny sahy milaza fa nanaitra indray ny fitiavan-tanindrazana sy hiteraka fampihavanana ny Malagasy iny. Tsy misy maharatsy ireo fihaverana rehetra ireo, fa ho jerena raha tena hizotra amin'ireo lalatsaina ireo tokoa ny fiainan'ny Malagasy. Iaraha- mahatadidy fa niva-vaka, hono, ny filohan'ny Repoblika tamin'ny fihonan'ny Barea sy Burundi ka raha vao vita ny "Amen" dia nahatafiditra ny baolina iray nahazoan'ny ekipam-pirenena malagasy ny fandresena ny mitondra ny laharana faha-13. Io koa no laharan'ny tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny volana desambra 2018. Mampieritreritra ihany izany satria mazava tsy nisy azo nokianina ny nampidiran'ny laharana faha-13 ny baolina tany anaty harato. Maro tsy tambo isaina ny fanakianana nataon'ny mpankafia baolina kitra ny mpanazatra tamin'ny nanesorany ny mpilalao iray izay tezitra mafy tamin'ny maro. Tsy misy fanetren-tena ary niteraka disadisa teo amin'ny ekipa izany, ka nangingina ny rehetra rehefa nisakato ny hariva. Tamin'ny

fifidianana filoham-pirenena kosa dia maro ny zavatra tsy nandeha tamin'ny laoniny, nisy ny halabato, sns... Saingy ny mpitsara ny lalao no tompon'ny fandiana ka dia nandresy Rajoelina Andry. Tamin'ity fihonana tamin'ny ekipam-pirenena nizeriana ity idray dia ny laharana faha-12 no nampiditra ny baolina nitondra tamin'ny fandresena sy nahatonga ny ekipam-pirenena Malagasy ho laharana voalohany ao amin'ny vondrona B. Tamin'ity fifidianana filoham-pirenena iny ihany dia Rajoanarimampianina Hery no nitondra io laharana faha-12 io kanefa fahatelo izy. Efatrambiroapolo moa no isan'ny mpilalao voafantina ka tsy nisy izany ny laharana faha-25, raha tsy izany dia mba hampidirina ihany koa izay mitondra io laharana io. Mnadeha ny resaka fa mety handeha any Egypta ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry Nirina. Mbola vao ampahavalon-dalana no hatrehina amin'ny alahady izao, ka heverina fa fandanindaniam-poana sy haitrairy ary fisehosehoana izany na dia vola avy any am-paosiny aza no handehananany any. Raha ny tranga nisy teto amin'ny Firenena dia ireny loza in-droa nahafatesana olona am-polony teny Mahamasina ireny no nanehoan'ny Malagasy firaisankina sy fiaraha-mientana ary nampihavana azy. Tsy nisy fisaonam-pirenena akory tamin'ny loza farany teo. Nisy tompon'antoka izay nitarika ny korontana izany iny toe-javatra iny matoa mandeha ny fanadihadiana amin'izao fotoana izao. Nitsapa alahelo sy nanome toky ny filohan'ny Repoblika, fa ho raisin'ny fitondrana ny lany tamin'ny fikarakarana ireo niharan-doza kanefa tsy mbola nisy akon'izany hatramin'izao. Raha ny fifanenjehana sy fifanaratsiana ary fifanompiana any amin'ny tambazotra ny alahady alina anefa no zohiana dia tsy iny fandresena iny mihitsy no hiteraka firaisankina sy fampihavanana ary fitiava-tanindrazana eo amin'ny vahoaka malagasy fa ny hahiana dia mbola hiteraka fisaraham-bazana sy filonana, tsy eo amin'ny mpilalao ihany fa indrindra eo amin'ny samy mpiray tanindrazana.

Andry Tsiavalona

HCC Mbola hikimpy indray ve amin'ireo hala-bato sy fandikan-dalàna maro ?

Anio amin'ny 4 ora tola-kandro no hamoaka ny vokatra ofisialin'ny fifidianana depiote natao teto amintsika ny 27 mey lasa teo ny HCC, n any Fitsarana Avo momba ny Lalampianorena. Andrasana ny famoahan'ny etsy Ambohidahy ny vokatra ny fifidiana solombavambahoaka farany teo, raha anio talata no voatondron'ny lalàna tsy maintsy hamoahana izany ofisialy. Ambetitenin'ny maro mandritra izao fiandrasana ny vokatra ofisialy izao ny hoe mbola hikimpy indray ve ny HCC amin'ireo halatra sy fandikan-dalàna maro nandritra iny fifidianana iny. Azo lazaina fa mihoatra lavitra ny fandikan-dalàna tamin'ny fifidianana filohampirenena ny zava-misy tamin'ny fifidianana solombavambahoaka, koa sahy hilaza ve izy ireo fa azo raisina ny fitarainana saingy kosa tsy mitombina ary tsy misy ilàna izany, fa izay efa navao-



kan'ny Vaomeram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana, na ny CENI ihany no arahiny! Iza tokoa moa no tsy nahita ireny fandikan-dalàna ankalamanjana nataon'ny filoha Andry Rajoelina ireny nandritra ny fampieleznan-kevitra, na dia voararan'ny lalàna manan-kery eto amin'ny firenena izany, raha ireny no zava-misy, ny tsindrihazo lena any ambany ravinkazo any ataon'ireo solontenampanjakana, mba manao ahoana? Fantatra ihany

vokatra nandiso fanantenana ny maro ary koa nanamafy ny tsy fahafehezan'ny mpikarakara ny fifidianana ny asany, sy koa mbola miendrika ny fisian'ny fitongilanana ihany. Ny fitsarana avo momba ny lalampianorena sisa no hany antenain'ny vahoaka, nefa miahiahy ihany ny maro sao toy ny natao teo aloha nandritra ny fifidianana filohampirenena ihany no hiseho. Efa fahasahiana ve tokoa mantsy no nasehon'izy ireo nandà ny fampiarahana ny fifidianana solombavambahoaka sy ny fikasana hanao fitsapankevibahoaka momba ny lalampianorena noeritrerit'ny filoha sy ny mpiray tsikombakomba aminy ho natao. Andrasana arak'izany ny vokatra ofisialy hivoaka, mba ho azo raisiana sy mitombina ary hamafisina sy hofaizain'ny lalàna ireo nandika lalàna tamin'izany fifidianana izany.

Serge

facebook NY VALOSOA

26 jona : mendrika ho saziana ireo mpikarakara tsy nahomby ka niteraka faty olona maro iny



Tax Ramiaranjato : mendrika ho saziana ireo mpikarakara tsy nahomby ka niteraka faty olona maro tamin'ny 26 juin iny.

TSISY HIFANOMEZAN-TSINY AHOANA E ??? NGA TSISY ORGANISATEUR NIKARAKARA INY MATSO + PODIUM INY ??? GASY 15 MAHERY VE NO MATY DIA AVELA HO AFA-MAINA FOTSINY??? FA BIBY SA OLONA NY ORGANISATEUR KA TSY HANAN-TSINY SY TSY HO VOAKITIKA ??? MILA SAZIANA IREO TOMPON'ANDRAIKITRA!

Wiliam Victor Solo Rajoarihery : t@dRajao mbola telo no MATY tahaka NY inona NY fanenjehina AZY . zao nefa..... dia aoka fotsiny e MBA mahagaga tokoa ramalagasy!

Rudy Ravoja : saika adino... hametraka fialana ireo minisitra sy ny PM fa aza maika e.... Nefa toa ho nofy ihany izany raha eto amintsika, mamy loatra mantsy io seza io amin'ny Malagasy, ka tsy hisy hametra-pialana izany eo, fa trongsina ihany vao miala. Miandry vokatra ofisialy avoakan'ny HCC fotsiny... dia tanteraka ny fangatahanao....

Aliya Omega : mety misy mila sorona mihintsy angamba fa tsy possible le fatinolona sy halajaza maro ka, en+ mampametra-panontaniana oe vola avy aiza? Inona no takalony? Manahy mafy aho ny fireneko.

Jean Claude Rasoamahefa : ny mpitandro sy mpiaro ny gasy dia misy karazany 3: polisy zandary ary tafika miaramila. Koa maninona kay nisy 15 no maty tao Mahamasina kanefa tsy nisy fahavalombahoaka tao, rah zany nisy fahavalo d asa fotsiny. Sa v moa tokony ho saziana ireo mpitandro filaminana no sady be kintana b ireo ?

Donald Randria : tsy vita io resaka io raha tam andron rajao no nisy tahaka io efa nahatratra 5km ny halavan lelan'ilay ministra mpipentsompetsona iny.

TONONKALO Ry olona sivy ! Meteza hijoro ry olona sivy Ka tena ny marina re no asandrato, Fa raha ny vahoaka , efa kivy dia kivy, Tahaka ny sokina nanani-bato. Mpitondra tsy marina no indro mikiry, Manao ny tsy mety sy midingin-drambo. Tsy mioman-kiova fa miziriziry, Satria efa toetrany ilay matin-kambo. Toa manampy trotraka koa ny vaomiera Natao hoe hitantana sady hiteny, Fa tena voakiana sy matin-tsikera, Ary ireny ilay "henatry ny firenena" ! Koa mieritrereta ry olona sivy, "Nareo sisa angamba no fanantenana. Ny marina avoaka , aza avela ho kivy, "Reo gasy efa lanaky ny fahantrana ! Raha mbola hiverina lava eto an-dasy Ny zava-tsy marina sy ny hala-bato, Dia angamba tsy hifidy intsony ny gasy, Ary na ianareo aza hotakiany haato !

DADAN'i ZINA (15-06-19)

**An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao**  
Njaka, Helisoa

Ireo mpampidi-baolin'ny Barea nandritra ny andro 3 : Abel Anicet (1), Carolus (2), Marco Ilaimaharitra (1) ary Bolida (1).



**MIANDRARIVO AMBANIDIA**

**Tratra ny mpangalatra ranon'ny Jirama**

Saron'ny sampana mpanara-maso na «ratissage» ao anatin'ny foibem-pitondrana misahana ny fiarovana ny fidiram-bolan'ny rano, na ny DPRO eo anivon'ny orinasa Jirama, omaly maraina ny halatra rano eny amin'ny fokontany Miandrarivo Ambanidia, Boriborintany faharoa, Kaominina Antananarivo Renivohitra. Niaiky ny halatra nataony ilay tokantrano, ary mbola nilaza ilay renim-pianakaviana, fa efa ho roa taona izao no nanaovany lo fisintondrano tsy miankina amin'ny «compteur» io. Tato anatin'ny valo volana kosa, hoy izy no nivarotany izany rano halatra izany amin'ny mponina manodidina, ka 50 Ariary ny iray «jerican» mavo, ary adiny dimy isan'andro, eo anelanelan'ny amin'ny 5 ora sy sasany, ka hatramin'ny 8 ora maraina, sy amin'ny 5 ora sy sasany hariva, ka hatramin'ny 8 ora alina no misokatra ny fivarotana rano eo ambavahady. Tsy azo leferina ny halatra toy izao hoy ny Tale jeneraly lefitra eo anivon'ny Jirama, izay tonga nizaha ny zava-misy teny an-toerana, niaraka tamin'ny vadintany, satria miteraka fatiantoka goavana ho an'ity orinasam-panjakana ity izany, fa indrindra isan'ny mahatonga ny tsy fahampian-drano amin'ny tokantrano maro eto an-drenivohitra. Hanery ilay tokantrano hanefa ny sarany tokony honerany amin'ny Jirama ny mpitantana ny orinasa ary hampiakatra ny raharaha eny anivon'ny Fit-sarana. Hosaziana ihany koa izay mpiasan'ny orinasa Jirama voatonontona tamin'izao raharaha halatra rano izao.

**Serge**



Ilay halatra rano nisy teny Ambanidia.

**Sakafo Ny Valosoa**



Vorivorinkena sy karoty indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao somary saosy ketsaketsa ny vorivorinkena sy ny karoty. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tom-poko.

**NY VALOSOA sy Mahaso**

**Fanafody natoralin'ny goty, arthrite, romatisma, arthrose**


Fanafody natoralin'ny goty, ny arthrite, ny romatisma, ny arthrose indray, no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. Jus toy izao no ampiasaina amin'izaany: 1 tasse de jus de cerise, mananasy 1, 1 sotrokely tamotamo na curcuma, 2 ka hatramin'ny 3 sotro kely sakamalao, na sakamalao vovony. Fikarakarana azy: mixer-na miaraka ireo dia avelanao ao anaty bocal, na tavoahangy tsy plastique no tsy vy ihany koa, fa tavoahangy vera, ary avelao hilona mandritra ny 10 andro vao sotroina. Tahirizina amin'ny toerana mangatsika na frigo. Afaka mampiasa tantely amin'ny hamamy izay hitavana azy.



**NY VALOSOA sy Mahavariana**

**Ny tanànan'i Midongy Atsimo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana**

Ny tanànan'i Midongy Atsimo any amin'ny faritra Atsimo Atsinanana indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'i Midongy Atsimo ity tanàna ity. Tanàna azo lazaina ho mitoka-monina satria ratsy ny lalana mankany, any Vangaindrano no mivily mankany. Faritra mena eo amin'ny tsy fandriampahalemana ny any an-toerana. Voanjo sy hanikotrana isan-karazany no vokatra any. Mpiompy omby koa ny any an-toerana, mahatonga ny tsy fandriampahalemana amin'ny resaka halatr'omby. Any Midongy no misy ny valan-javaboaharim-pirenen'i Midongy Befotaka.



Ny valan-javaboaharim-pirenen'i Midongy- Befotaka.

# Jehovah, Madagasikara 30 jona 2019, hafatra manokana laharana 49

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**

**Matio 6: 33** "Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany."

Hoy AHO JEHOVAH aminao izay maky, mandalina sy mandray ny fampianarako ho fampahafantarana FAHAMARINANA. Fa ilay FANJAKAKO no atao hoe: FAHAMARINANA. Gaga aminareo olombelona AHO fa IZAO JEHOVAH efa namorona, namboatra zavatra maro, izay mety, mahasoa, mahasalama, mahavelona, mampatanjaka anareo. Fa ankehitriny ovainareo izany, tsy tianareo, ravanareo, hany ka maro amin'izy ireny no miteraka fahavoazana, loza, aretina, fahapotehana, korontana ny fiarany aza dia fahafatesana mihitsy ka dia tsy misy fanafody hainareo na fantatrarao. Vakiho ny Teniko, **Matio 6: 25-34**. Ireo karazam-piainana mampahory anareo zanak'olombelona ireo dia tsy misy fanafody afa-tsy ny fanananao ny FANJAKAKO ao anatinareo ihany. Ilay FANAHY MASINA io fa tsy dia misy mahalala loatra ka dia indro IZAO JEHOVAH mihitsy no mampianatra anareo ankehitriny. Mba valio AHO e! Tahakan'ny inona io FANJAKANA asaina katsahina io? Manao ahoana? Alaina aiza? Dia atao ahoana? **Lioka 17: 20-21** "Ary Jesosy, nony nanontaniana ny Fariseo izay andro hihavian'ny Fanjakan'i JEHOVAH, dia namaly azy hoe: Tsy misehoseho no fihavin'ny Fanjakan'i JEHOVAH. Ary ny olona tsy hanao hoe: Indro, ety! na ery! i fa, indro, ny fanjakan'i JEHOVAH dia ao anatinareo." Izany hoe: ilay FANAHY MASINA ao anatinareo no mampiseho ivelany amin'ny alalanareo izay manana AZY fa FANJAKANA IZY. Ka na ny asa ataonareo na ny fiteny na ny fomba dia izay avy aty an-danitra avokoa. Ny FANAHY MASINA irery no afaka maneho ny FANJAKAKO satria FANJAKANA IZY, **Romana 14: 17-18** "Fa ny fanjako JEHOVAH dia tsy amin'ny fihinanana sy ny fisotroana, fa fahamarinana sy fiadanana ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina. Fa izay manompo an'i Kristy amin'izany zavatra izany no sitrako JEHOVAH sy eken'ny olona fa tsara." Izany indrindra no antony ampikatsahana anareo io FANJAKAKO io, izany hoe: izay anananao ny FANAHY MASINA ao anatinareo no katsaho sy tadiavo fatratra fa tsy avela hisy vato mifanongoa eo aminareo ka tsy ho ravana, **Matio 24: 2**, "Fa izy namaly ka nanao taminy hoe: Tsy hitanareo va ireo rehetra ireo? Lazaiako aminareo marina tokoa: Tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana." Izany hoe: tsy misy FANJAKANA roa na telo izany. TSIA! TSIA! TOKANA ihany, izay AHY ihany, izay namboariko, izay avy AMIKO sady avy aty an-danitra ihany. Tsy maintsy rava izay tsy avy AMIKO JEHOVAH satria ireny dia miady an-trano, **Matio 12: 25** "Ary Jesosy nahalala ny eritreriny, dia nanao taminy hoe: Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano; ary tsy haharitra ny tanàna rehetra, na ny trano, izay miady an-trano." Ka dia tsy maharitra na oviana na oviana. Rehefa ao anatinareo izany ny FANAHY MASINA dia ao anatinareo izany ilay FANJAKAKO. JESOSY dia taty an-danitra izay misy anay no mitoetra. FANJAKANA no aty, **Matio 6: 10** "Ho tonga anie ny Fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra." Tsy hainareo ny manao ny sitrapoko raha tsy ao anatinareo aloha ny FANJAKAKO ka dia fantaro sy katsaho mafy izany. Tsy any amin'izay

olombelona toa anareo no misy izay tadiavinareo sy ilainareo fa aty AMIKO JEHOVAH. Izay olona manana izany FANJAKAKO izany ihany no afaka manambara ANAY TELO IZAY IRAY, **Jaona 14: 10** "Tsy mino va hianao fa izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko? Ny teny izay lazaiko aminareo, dia tsy avy Amiko izany lazaiko izany; fa ny Ray mitoetra ato amiko no manao ny asa." Izany no tsy maintsy andravana izay milaza azy ho fanjakana kanefa tsy tia AHY sy manohitra AHY indrindra izay tsy manana an'i JESOSY ho MPANJAKANY. Izao tontolo izao tsy tokony ho gaga amin'izay rehetra ataoko tsy ho ela fa hanangana ny FANJAKAKO AHO ary amin'ny fombako no hanatanterahako izany fa tsy amin'ny fombanareo olombelona ka aoka tsy hisy hamorompona sy hanamboamboatra araka ny heviny fa diso izany. Ao amin'ny mpaminany irery ihany no irezahako zavamiaina fa izany no antom-pisiany ka henoy izy ireny. Mitovy mandrakariva izay ao aminy ary tsy mba mifanohitra fa asa iray, teny iray ihany ary tanjona tokana na dia mbola tsy mihaona sy tsy mifankahita aza izy ireny. Tsy milaza tena, tsy manambara olona fa manandratra an'i JESOSY sy ny FANJAKANY ka samia mitandrina mafy sao misy mivaona. Tsy leo mihitsy AHO JEHOVAH miteny aminareo mpanompoko hoe: mihavàna, miombona ary miraisa ASA hianareo. Sao maintsy rehefa tonga ny fotoana vao mikoropaka hianareo, mihanahana, mifampijerjery sy ny sisa. Averiko foana, tsy vahiny no andrasanareo fa hianareo Malagasy no tompon'antoka amin'izay ambarako JEHOVAH ka miomàna tsara. Takiako voalohany amin'izany hianareo mpanompoko, fiangonana, mpino kristiana, tanàna, mpianakavy ary firenena sy izay ao aminy. IZAO JEHOVAH dia mame-traka foana hoe na iza na iza ka voantso manaiky dia lehibe izy AMIKO ary tsy misy kely izany fa samia miasa tsara eo anatrehako fotsiny. Hoy ny Teny: izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo; **Matio 20: 26**. Ry Malagasy ô! Miomàna fa eo aminareo no hisehoako voalohany sy hananganako ny FANJAKAKO. Averiko indray ny Tenin'i JESOSY, **Asan'ny apostoly 1: 7-8** "Fa hoy kosa izy taminy: Tsy anareo ny hahalala ny andro na ny fotoana izay efa notendren'ny Ray amin'ny fahefany ihany. Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany." Miomàna fotsiny fa tampoka izany ry Malagasy.

Amen  
Mbola hitohy.  
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY  
Telephone : 033 12 461 43  
E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com  
Facebook : Jehovah Andriamanitra page  
Radio:  
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora  
Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora  
RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min  
Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

Matio 20:23



Hoy kosa izy taminy: hisotro amin'ny kapoakako tokoa hianareo; fa ny hipetraka eo an-tànako ankavanana sy eo an-tànako ankavia, dia tsy Ah'y ny hanome izany; fa izay nanamboaran'ny Raiko izany no homena.

### GTT LA RÉUNION

## An'ny Malagasy ireo Iles Eparses ary tokony hijanona ho azy

**NAMOAKA FANAMBARANA NY GTT NA NY GASY TIA TANINDRAZANA ATSY AMIN'NY NOSY LA RÉUNION MIKASIKA IREO NOSY MANODIDINA ANTSIKA, NA ILES EPARSE, FA NOSY MALAGASY IREO NOSY IREO, ARY TOKONY HIJANONA HO AN'NY MALAGASY HATRANY.**

*Les îles éparses sont malgaches et doivent le rester !*

**Le statut juridique de ces îles malgaches de l'Océan Indien** est défini une fois pour toutes par le droit international ainsi que le Professeur Raymond Ranjeva, ancien vice-président de la Cour Internationale de Justice, l'a encore rappelé récemment.

**Par sa résolution de 1979, l'assemblée générale des Nations Unies a réaffirmé la souveraineté de Madagascar sur les îles éparses** et a demandé à la France de les restituer à la Grande Ile.

**En violation délibérée du droit international et des droits du peuple malgache**, la France a persisté dans sa politique impérialiste et a renforcé en 2007 l'intégration administrative des îles éparses dans les Terres Australes Françaises.

**Par l'arrêté scélérat de décembre 2008** lançant un appel d'offre international pour l'exploration du gaz et du pétrole autour de Juan de Nova qui se trouve à 150 km des côtes malgaches et dans sa zone économique exclusive, le gouvernement français a mis bas le masque et a dévoilé les véritables raisons de son obstination à ne pas se soumettre au droit international.

**Trois mois avant le Sommet mondial sur l'environnement (COP 21)** qui s'est tenu à Paris en décembre 2015, le gouvernement français a délivré aux compagnies pétrolières SOPETRO et MAREX le permis pour avancer dans le sondage des fonds marins et l'exploitation future du gaz et du pétrole autour de Juan de Nova, alors que la France s'affichait comme leader de la lutte contre le réchauffement climatique.

**Disons NON à cette mainmise illégale de la France sur les îles éparses malgaches !**

**Disons NON à l'exploitation des ressources sous-marines autour des îles éparses** par des compagnies pétrolières mandatées par la France au mépris du droit international et de la souveraineté de Madagascar !

**Disons NON à la présence de troupes étrangères à 150 km des côtes malgaches !**

**Disons NON à l'arraisonnement des barques des pêcheurs traditionnels malgaches par les navires français** et à la confiscation du produit de leur pêche !

**Disons NON au risque environnemental** que font courir les opérations de sondage et d'exploitation future des gisements de gaz et de pétrole, alors que l'essentiel des ressources halieutiques et touristiques malgaches se trouvent le long du canal du Mozambique. La marée noire dans le Golfe du Mexique nous a montré qu'un tel risque est toujours à craindre.

**Peuple de Madagascar, debout pour la défense de la Terre des Ancêtres !**

**Amis Français qui n'avez pas oublié**

- que la France est le pays de Voltaire qui se battit pour réparer l'injustice faite à Callas
- que la France est le pays de Zola qui défendit Dreyfus
- que la France est le pays d'Albert Camus qui prit la défense des Malgaches victimes de la répression coloniale en 1947

**Soutenez notre action !**

**Citoyens du monde soucieux de liberté et d'équité**, ne permettez pas que les grandes puissances se mettent au-dessus des lois internationales.

**Soutenez notre action !**

Madagascar Résistance  
Le Collectif pour Madagascar  
Agir pour Madagascar  
Gasy Tia Tanindrazana (GTT Réunion)

## CAN 2019, TSY NAMPINO NY ZAVABITAN'NY BAREA Ireo fandaharan-dalao amin'ny 1/8-dalana

Miandry ny vokalao amin'ny andro faha-3 amin'ny vondrona hafa sisa dia ho fantatra avokoa, ireo tarika miisa 16 tafakatra, amin'ny 1/8-dalana ny CAN 2019 atao any Egipte amin'izao fotoana. Na izany na tsy izany dia efa fantampantarana ireo ekipam-pirenena hifandona amin'izany dingan'ny 1/8-dalana izany ary tafakatra ireto tarika manaraka ireto: Ouganda, Sénégal, Mali, Côte d'Ivoire, Maroc, Algérie, Madagasikara, Nigeria, Ghana, Cameroun, Tonia, ary Egipte. Handrasana kosa ireo vokalao ahitana ireo tarika faha-3 tsara ka ho tafakatra koa amin'izany dingan'ny 1/8-dalana izany. Ho an'ny Barea, na i RDC, na i Kenya, na i Afrika Atsimo no hihaona amintsika ny alahady 7 jolay ho avy izao. Ankoatra izany, vita izay ny dingana voalohany ho an'ny vondrona B izay nahitana an'i Guinée, Burundi, Madagasikara ary Nigéria. Fa-

hombiazana tanteraka no azon'ny Barea'i Madagasikara nandritra ny fifanintanana tao amin'ny vondrona, fandresena miisa 2 ary ady sahala 1, izany hoe isa 7, no vokatra azo ary manome azy laharana voalohany ao amin'ny vondrona B, izany hoe mbola tsy nahita faharesena mihitsy izy ireo. Niady mafy ary tena hita fa feno fahavononana tokoa ny Barea nandritra ireo lalao 3 izay natrehiny tamin'io vondrona misy azy io. Vokat'izany dia izao niaraha-nahita izao ny zavabita. Niverina tantaraka tamin'ny lazany fahiny indray ny kitra Malagasy, indrindra taorian'ny nandresena 2 noho 0 ny ekipam-pirenena Nigerianina, ekipa izay tena manana ny lazany aty Afrika, tompondakan'ny Afrika intelo, eny eran'izao tontolo izao mihitsy aza ary efa mpandray anjara amin'ny lalao iraisampirenena « Mondial ». Azo lazaina ho nanao valifaty amin'ny baolina kitra mihitsy ny Barea nanoloana

ireto Nigerianina ireto satria nandritra ny lalao efatra izay nifandonana tamin-dry zalahy ireo dia faharesena 3 no azon'i Madagasikara ary ady sahala 0 sy 0 iray. Afabela tamin'ireto ekipa goavana ireto araka izany ny Barea'i Madagasikara. Pejy lehibe no nivadika, tantara vaovao indray no hitan'izao tontolo izao ho an'ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny sehatry ny baolina kitra ary saika niaiky ny fahaizan'ny Barea avokoa ny rehetra indrindra ireo vahiny ary nisy mihitsy aza ny vaky vava nilaza ny « incroyable » tamin'izao zavabitan'ny Barea izao manoloana ny fandraisana anjara voalohany amin'ity Can 2019 ity. Havaoana, kiakiam-pifaliana, klaxon ho an'ny fiarakodia, ranomasom-pifaliana ihany koa no nandraisany ny Malagasy rehetra izao vokatra azon'ny Barea izao, saika nanerana ny Nosy taorian'ny fiakaran'ny lalao nandresen'izy ireo an'i Nigéria ny alahady teo. Hatreto,

mbola tsy fantatra izay ekipa hihaona amin'ny Barea any amin'ny ampahavalon-dalana fa mbola miandry ny lalao any amin'ny vondrona hafa dia ny vondrona A, C ary D araka ny efa voalaza tery ambony. Raha ny fandaharana dia ny alahady 7 jolay izao ao amin'ny kianjan'i Alexandrie ihany amin'ny 6 ora, ora any an-toerana, izany hoe amin'ny 7 ora any ho any aty Madagasikara no hatrika ny ampahavalon-dalana ny Barea, ka ny ekipa laharana fahatelo manana isa ambony amin'ireo vondrona voalaza teo aloha ireo no hihaona aminy, na RDC, na Afrika Atsimo, na Kenya. Noho izany dia azo ambara fa manana tombony lehibe ny Barea amin'izao toerana voalohany azony ao amin'ny vondrona misy azy izao ary malalaka ihany koa ny lalana ho amin'ny dingan'ny ampahefa-dalana satria « gana malemy » no hifanehatra aminy.

Andriam

## Boriboritany faha-4 (CUA) Ankizy miisa 80 no vita hasoavana faobe maimaimpoana

Notontosaina ny sabotsy teo indray ny didimpoiatra faobe tao anivon'ny Boriboritany faha-4, kaomina Antananarivo Renivohitra (CUA), mba ho entina anampiana ireo fanakaviana sahirana izay manana zalahy kely ho foraina . Raha tamin'ity taona 2019 ity, hetsika andiany faha-2 io tamin'ny sabotsy io, ka nahatratra 80 ny isan'ireo ankizy vita hasoavana, ireo ankizy eo anelanelan'ny 2 ka hatramin'ny 8 taona no nahazo ny anjarany tamin'izany. Isaorana manokana Ramatoa Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana, fa nohon'ny fangatahan'ireo mponina tsy nahatratra ny andiany voalohany no antony nanaovana ity hetsika faharoa ity, koa dia tsy nikely soroka na hany anivon'ny Boriboritany faha-4 nananteraka izany, hoy ny delege Solofo Ramahandrimanana. Maro ireo mpiaramiombon'antoka nanampy toy ny teo anivon'ny Mère et enfant, izay nanome ireo mpitsabo nanao ny famorana, ny Sopharmad sy ny Interpharma, izay nanome ireo fanafody nentina nanatanterahana ny fandidiana, ary ny teo anivon'ny orinasa JB sy ny Nutrizaza, nanome ireo vokatra ara-tsakafo ho entin'izy ireo atao vatsy . Tsy adino hatrany ny anjara biriky ny teo anivon'ny Boriboritany dia ny fanomezana ireo kilalao maro samy hafa, niampy malabary an'ireo ankizy rehetra. Raha tsiahivina dia efa maro ireo asa sosialy izay efa notontonsain'ny teo anivon'ny Boriboritany faha-4efatra toy ny ny fihazam-pahasalama maimaimpoana, fizarana kopia, kaporanondro. Tsy hijanona hatreo anefa ny asa sosialy toy izao fa efa manomana ny hetsika manaraka indray izy ireo dia ny mariazay faobe, sy ny fihazam-pahasalama miampy fizarana fanafody izany, ka handraisany ny Lefitra voalohan'ny Boriboritany fahaefatra, Dokotera Rambolamasoandro, an-tanana manokana ny hetsika fitsaboana.



Aly

## Mozika nentim-paharazana Tontosa tetsy amin'ny AFT Andavamamba ny "Atsi-môzika"

Tontosa tetsy amin'ny Alliance Française, na AFT Andavamamba ny faran'ny heriandro teo, ny hetsika ara-kolontsaina nampisalorina ny anarana hoe: "Atsi-môzika". Ity hetsika ity dia ao anatin'ny fampiroboboana ny mozika nentim-paharazana Malagasy atao'ny AFT Antananarivo sy ny tarika antsoina hoe: Collectif Lamba 1, nandritra ny fitsidihana ny Nosy atao'ny izy ireo sy ny fandalovany teto an-drenivohitra. Ny Atsi-môzika dia sady tarika no laboratoara momba ny mozika, manamora ny fifanakalozana, sy ny fanaovana ary ny famoronana mozika any amin'ny faritra Atsimo Andrefana, any Toliara. Fahombiazana ny fandalovan'izy ireo teto an-drenivohitra, tamin'ny fampisehoana nataony tetsy Andavamamba izao, nampivadiana ny zavamananao marovany avy any Atsimo sy ny kabôsy, ary nanaovan'izy ireo gadon-kira jazz, rock, ary indrindra ny mozika avy any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara iny.

Aly



Ny fampisehoana nataon'ny Collectif Lamba 1 tetsy amin'ny AFT Andavamamba.



Coupe d'Afrique des nations TOTAL 2019

# 8èmes de Finale

Ouganda		Mali
Sénégal		Côte d'Ivoire
Maroc		Algérie
Guinée/ Angola/Bénin		RD Congo/ Guinée/Bénin
Madagascar		Nigéria
RD Congo/ Kenya/Afrique du sud		Ghana
Cameroun		Egipte
Tunisie		Kenya/ Afrique du sud/Angola

Ireo ho fandaharan-dalao amin'ny 1/8-dalana ny CAN 2019.



# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny sasany amin'ireo Malagasy nijery ny lalaon'ny Barea tany Alexandrie, Egypta.



Ny didimpoitra faobe nataon'ny Boriborintany faha-4 CUA ny sabotsy teo.

